
# ALAHADY FAHA 27 MANDAVANTAONA -A 2023



## *TANIMBOALOBOK'ANDRIAMANITRA ISIKA*

Ry Kristianina havana, tsy mitsahatra isika fa indrindra amin'izao volana oktobra volan'ny raozery izao hibanjinantsika miaraka an'i MASINA MARIA ireo misterin'ny famonjena antsika ka hahatonga antsika tokoa ho Kristy mpiara-belona amin'olona hitondra ny famonjena. Aoka tsy hadino koa fa ny volan'ny oktobra dia volan'ny Misiona, volan'ny Iraka. Tsy isika no nifidy izao alahady izao ho fanirahana antsika nahavita ny fijanonana faharoa, ny dingana faharoa amin'izao Sinaody faha-7 izao. Isaorantsika Andriamanitra satria na dia maro aza ny tsy lavorary dia am-panetren-tena ihany koa no anambarantsika fa nahavita dingana isika ka afaka milaza fa EOV EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA… Raha atao teny hafa dia miroso ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA ZARY GENERATION MPANORINA MIARO NY TONTOLO IAINANA, TSY MPITAN-DAMBA FA TENA TOMPONY MIARA-MAMPANDROSO AN'ITY DIOSEZY MAMINTSIKA ITY.

> **Vakiteny I :** Iz. 5, 1-7
> **Tononkira :** Salamo 79
> **Vakiteny II :** Fil. 4, 6-9
> **Evanjely :** Mt. 21, 33-43

Amin'izao Alahady faha-27 mandavantaona izao dia mampitodika antsika tokoa ireo vakiteny atolotry ny Eglizy amintsika, mampitodika antsika amin'ny fiainantsika, amin'ny firenentsika, amin'ny fiaraha-monintsika, amin'ity tanintsika ity, amin'ity Tranobe Iombonana ity. Tsy aiza

tokoa ny tanim-boalobok'Andriamanitra fa ao amintsika ƚsirairay avy, marina tokoa fa ny tanim-boaloboka lazain'I Jesoa eto dia ny tranobe iombonana, ity tany mamintsika ity. Izany no mahatonga ahy nilaza teo fa tsy misy kisendrasendra. Izany no lohahevitra tian'ny Eglizy ho banjinintsika ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona eo anivon'ny tanim-boaloboka izany. Indrisy anefa fa isika ihany no mamotika ny tanim-boaloboka, isika mihitsy aza no mifanapotika. Indrisy ny zava-misy iainana amin'izao no manamarina izany.

Ao amin'ny vakiteny voalohany, bokin'Izaia mpaminany dia milaza hoe "*Inona moa no mbola tokony ho natao tamin'ny tanim-boaloboko, ka tsy nataoko taminy?"* Noharian'Andriamanitra ho tsara isika kanefa isika no be siasia ka manalavitra an'Andriamanitra, raha manalavitra an'Andriamanitra ny fiainantsika dia fantaro fa voka-dratsy no azontsika ka mifanapotika isika, izay no mbola ampahatsiahivana ao anatin'ny lineamenta na ao amin'ny instrumentum laboris ary indrindra tamin'ny dinika nataontsika. Manantena isika fa hivoaka tsy ho ela ny fehin-kevitra. Nampahatsiahivantsika fa raha lavo tamin'ny fahotana tokoa isika dia simba niaraka tamin'izay koa ny vôkasiontsika ka robaka ny fifandraisana na amin'ny zava-boaary na amin'ny mpiara-belona na amin'Andriamanitra. I Jesoa nanolotra ny ainy teo amin'ny hazofijaliana, Izy izay tsy nanota nanaiky ho fahotana no nanafaka antsika amin'ny fahotana, izany hoe noho ny asan'ny Fanahy Masina dia zary zanak'Andriamanitra isika ka antsoina hivelona indray ny vôkasiona. Izany no ataontsika amin'izao Sinaody izao hanampy antsika hivelona ny vôkasiona ka hahatonga antsika ho taranaka mampijoro, manamboatra, manatsara, mandavorary fa tsy sanatria manapotika. **Mila génération mpanorina isika fa tsy génération mpanimba, mpanapotika.**

Raha naheno ny vakiteny voalohany sy ny Evanjely isika dia mahatsapa fa isika ihany no manapotika ny tanim-boaloboka, mifanapotika sy mifamono isika. Ny fanoharana nataon'i Jesoa milaza izay nasaina nikarakara ny tanim-boaloboka, " *'Inty ny mpandova; andeha hovonointsika ity, dia ho lasantsika ny lovany'.* Noho ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona dia isika ihany no mifanapotika na eo anivon'ny fianakaviana, na eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny firenena. Mifanapotika isika nefa aoka àry hatoky isika fa raha mibebaka tokoa, miova ny fontsika dia ho lasa taranaka manorina sy mandavorary isika. MIbebaha àry isika, hihavao ny fiainantsika ka na dia eo aza ny fakam-panahy mahatonga antsika hanilikilika ny hafa dia ho foana raha mibebaka tokoa isika. Ambaran'Andriamanitra amintsika araka ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa fa raha ambarantsika amin'ny fivavahana, am-pifonana sy fisaorana marina io fiainantsika io dia izy no handavorary antsika.

Ry Kristianina havana, aoka hanao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika. Izany hoe hiaina ny fahamarinana, hijoro amin'ny marina isika satria mila an'izany tokoa ny firenentsika.

Io tsy fijoroantsika amin'ny marina fa mifamitapitaka, mifandainga, miaina ao anatin'ny risoriso, ao anatin'ny fihatsaram-belatsihy io no mahatonga antsika mamerina ny fanoharana

nataon'i Jesoa , manapotika sy mamono izay tokony handova an'ity tranobe iombonana ity. "Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany" hoy ny averimberintsika, enga anie mba tsy ho slogan fotsiny ho antsika tanora izany. Ny fanahy no maha olona ka raha io fanahy io no avelantsika hitantana ny fiainantsika dia hiova isika ary izany no tian'i Md Paoly antintraterina amintsika. Ny fivavahana tokoa no fiombonana amin'Andriamanitra ary raha miombona Aminy isika dia manao ny asany.

Raha misy toetra tokony hiezahantsika mba hahatonga antsika ho taranaka mpanorina fa tsy mpandrava dia aoka hanana halemem-panahy isika. Izany no angatahintsika miaraka amin'i Masina Maria amin'izao volan'ny raozery izao mba haka tahaka an'i Jesoa isika ka ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika satria raha ny toetran'i Kristy no ao amintsika dia tanteraka ny voalazan'i Md Paoly hoe : " *tsy izaho intsony no velona fa i Kristy no velona ato amiko*". Ny faniriantsika sy ny vavaka ataontsika dia mba samy hirotsaka tokoa isika ka hiroso hatramin'ny Kongresy ka hivelona dieny izao ny teny faneva : NY FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO, MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, izahay tokoa no tanim-boaloboka voalazanao io ary dia izahay no mifanapotika sy mifanaratsy ka mifona aminao izahay, mitalaho ny famindram-ponao izahay. Enga anie mba hiova tokoa izahay, voleo voatsara ao am-ponay ao ka amin'izay hifanatsara izahay, hifanasoa izahay, hiara-miasa izahay ka hamokatra voa tsara eo amin'ny sahanao. Ho vavolombelonao tokoa anie izahay, hampijoro ny marina, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hiezaka hampivelatra ny tena fihavanana marina sady kristianina no malagasy. Ianao tokoa ilay zanaka novonoin'ireo mpamboly ratsy fanahy, ary tsy iza ireo fa izahay noho izahay mpanota. Mankasitraka Anao izahay. Enga anie hiombona Aminao tokoa izahay amin'ny vavaka rehetra ataonay ka hahatonga anay koa ho vonona hanolo-tena hanatsara ny fiainanay, hikatsaka ny soa iombonana eo amin'ny fiainanay andavanandro. Masina Maria Mpanjakavavin'ny Raozery, mivavahà ho anay mba ho mpiasa mahatoky fa tsy sanatria ho mpandrava. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson